# Lesona 11: Fiainana Miaraka Amin'i Kristy

### Tonon-kira: Mifalia mandrakariva – 1 Tesaloniana 5:16-18, Filipiana 4:6

## A. Mifantoka amin'ny zavatra any an-danitra

1. Kolosiana 3:1-3 Inona no antso ataon'ny apostoly Paoly ho an'ireo mpanara-dia an'i Jesosy tany Kolosia?
2. Aiza koa ao amin'ny Soratra Masina no ahitantsika antso mba hifantoka amin'ny zavatra any an-danitra? Hebreo 12:1-2
3. Ahoana no ahafahantsika mifantoka amin'ny zavatra any an-danitra anefa feno zavatra mahasarika maro be manodidina antsika?
4. Inona ireo no fomba hitanao fa nanampy anao hifantoka amin'ny zavatra any ambony?
5. Inona no teny fikasana sarobidy omen'ny apostoly Paoly an'ireo izay mifantoka amin'i Jesosy sy ny zavatry ny lanitra? Kolosiana 3:4

## B. Mamono ny fiainana taloha

1. Kolosiana 3:5-9a Inona ireo fiainana taloha izay tokony hovonoina rehefa tonga mpanara-dia an'i Jesosy isika?
2. Ahoana no ahafahana mamono ireo fomba fiaina taloha ireo? Kolosiana 3:9b-11 (jereo koa Efesiana 4:17-24; Romana 6:6-8; Galatiana 3:20).
3. Inona ireo fomba fiaina taloha nasehon'Andriamanitra anao fa mila vonoina rehefa nanaiky an'i Jesosy ho Mpamonjy sy Tompon'ny tenanao manokana ianao?
4. Nahoana no zava-dehibe mandrakariva ny mitadidy fa tsy ny mba ho vonjena no amelantsika an'Andriamanitra hamono ny fomba fiainantsika taloha fa satria efa zanany novonjeny isika? Galatiana 3:20-21. Efesiana 2:8-10

## D. Miaina fiainana vaovao ao amin'i Kristy

1. Kolosiana 3:12-15 Inona no fiantraikany eo amin'ny tenanao manokana rehefa mandre ny filazan'ny apostoly Paoly momba ny fiainam-baovao ao amin'i Kristy ianao?
2. Aiza no ahitanao ny filanao lehibe indrindra amin'ny fitomboana eo amin'ny fiainanao vaovao ao amin'i Kristy?
3. Kolosiana 3:16 Kristiana maro no nahita ho fitahiana lehibe ny fitehirizana ny Tenin'Andriamanitra ao am-pony. Inona no fanandramana niainanao tamin'ny fitadidiana ny Tenin'Andriamanitra?
4. Inona ireo tono-kiram-panahy tena misy heviny ho anao?
5. Nahoana isika no sambatra rehefa mamela ny Tenin'i Kristy hitoetra ao anatintsika? Salamo 119:11, 105; Jaona 14:26, sns.
6. Kolosiana 3:17 Inona no hevitrao momba ny fitsipika eo amin'ny fiainana izay nozarain'ny Apostoly Paoly ao amin'io andininy io? (jereo koa 1 Korintiana 10:31).
7. Inona no fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny fiainana vaovao ao amin'i Kristy?